# Tantaran'i Jackson

I Jackson dia nobeazina tao amina fianakaviana iray mahatoky ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Manana ray aman-dreny be fitiavana izy ary mifanakaiky be amin'i Selena anabaviny.

Tia ny filazantsara i Jackson ary manana fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny Famerenana amin'ny laoniny. Malaza amin'ny toetrany falifaly sy sariaka izy. Vao tsy ela anefa dia niova ho alahelo ny fifaliany, ary nihanitokatokana izy. Manana tsiambarateo i Jackson ary tsy fantany izay atao momba izany.

Raha ny fahatsiarovany lavitra indrindra, dia voasintona kokoa amin'ny lehilahy i Jackson noho ny vehivavy. Nandritra ny taona maro dia niezaka tsy niraharaha izany fahatsapana izany izy, na lazainy ho tsy misy izany. Satria tsy mbola noresahina tao an-tranony io lohahevitra io dia tsapany ho resaka tsy azo atao izany. Indraindray ny namany dia manao fanehoan-kevitra manaratsy momba ny gai. Ny zavatra tsaroany avy amin'ireo mpampianatra sy mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia hoe fahotana goavana ny fiarahan'olon-droa mitovy fananahana.

Talohan'ny nandehanany nanao asa fitoriana dia nitalaho ombieny ombieny tamin' Andriamanitra izy mba hanaisotra ny fitiavany lehilahy. Natoky tena izy fa raha nandeha nitory ny filazantsara dia hiova ny fahatsapany. Kanefa hatry ny nahavitan'i Jackson asa fitoriana dia tsy nitsahatra ny fitiavany lehilahy. Naniry mafy ny hiresaka tamin'olona i Jackson, saingy nampangina azy ny tahotra.

Nahatsikaritra ny fialany ara-pihetseham-po tamin'ny fianakaviany i Selena. Hitany ny fanaintainana eo amin'ny masony. Nivavaka ho an'i Jackson izy ary nivavaka mba hahalalany ny fomba hanampiana azy.

Io maraina io dia nanontany an'i Jackson i Selena raha afaka mandehandeha miaraka izy ireo. Nanaiky tsy sazoka izy. Raha nandeha izy ireo dia niresaka momba ny zavatra miseho andavan'andro. Vitan'i Selena mihitsy aza ny nampitsiky an'i Jackson. Farany dia niteny i Selena hoe: "Jackson, fantatro fa misy zavatra tsy milamina. Hitako ao amin'ny masonao izany. Lazao amiko azafady. Tena manahy ny aminao aho."

Tsy nihetsika naharitra i Jackson. Nanomboka niraraka ny ranomasony. Farany, nipoitra avy tao anaty lalina ny fihetseham-po feno, ary tamin'ny feo mangovitra no nilazany hoe: "Selena, gai aho ary efa ela araka izay fitadidiako. Tsy hitako izay hatao. Matahotra amin'izay holazain'i Dada sy i Neny aho raha mahafantatra izany izy ireo. Ho menatra ny amiko ve ny olona ao amin'ny fianakaviantsika? Mbola te hiaraka hivoaka amiko ve ireo namako raha fantany fa gai aho? Inona no hitranga amin'ny maha mpikambana ahy ao amin'ny Fiangonana raha lazaiko amin'ny eveka izany? Tsy hitako izay hahasambatra ahy sy hananako fianakaviana. Tsapako toa nilaozan' Andriamanitra aho."

Niondrika i Jackson ary nijery tamin'ny tany. Rehefa avy nangina elaela dia nilaza moramora izy hoe: "Selena, azafady raha nandiso fanantenana anao aho. Aza tenenina an'iza na iza izany. Mahatsapa ho very sady sahiran-tsaina aho."

### Fanontaniana ifanakalozan-kevitra

1. Inona no fahatsapana ananana momba ny zavatra iainan'i Jackson? Nahoana no mety ho sarotra ny miresaka momba ny fananana fahatsapana fifanintonana eo amin'ny samy lahy na eo amin'ny samy vavy amin'ny havana iray na namana akaiky iray na mpitarika ao amin'ny Fiangonana?
2. Ahoana no mety ho fahatsapanao raha teo amin'ny toeran'i Selena ianao? Inona no azon'i Selena atao mba hamaliana ao anatin'ny fahatakarana sy fangorahana?
3. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fahatakarana marina ireo fampianaran'ny Tompo momba ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na eo amin'ny samy vavy manampy an'i Selena sy i Jackson? Nahoana ireo fampianarana ireo no mety ho zavatra sarotra ekena?
4. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'i Selena sy i Jackson mijery ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na eo amin'ny samy vavy amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?
5. Aiza no tokony hitodihan'i Jackson mba hahazoana fitarihana sy fampaherezana ary fanampiana fanampiny?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2022 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.